Tatitra fanomanana mialoha ny « Assemblée Générale »

hatao ny 11 febroary 2024 à 10h00

Tanjona : Mba ahafantsika miomana mialoha amin'ny teboka resahana mandritra ny « Assemblée Générale » sy handrindrana ny fotoana.

## LAFINY FINOANA

a) Fandraisana Sakramenta

Tanjona nokendrena : Fandalinam-pinoana, hahazoan'ny olona aim-panahy

Zavatra natao : Niezaka ny tompon'andraikitry ny Sampana ankizy tamin'ny fanomanana ireo handray Sakramenta. Teo ny fandrindrana ny fotoana nisian'ny marimaritra iraisana ka nisy ny fiofanana nampitain-davitra, teo ihany koa ny natrehina mivantana.

Vokany : Vita ny dingam-piofanana ary nahazo fankatoavan'i Mompera aumonier ka afaka niroso tamin'ny fandraisana ny Sakramenta ireo ankizy.

Fahasarotana nolalovana : Sarotra ny nahazoana ny fotoana mampety ny roa tonta ka nampanano-sarotra ny fihaonana mivantana.

Fanatsarana akàna hevitra :

- Ahoana ny tohin'ny fitantanana ny ankizy avy nandray sakramenta mba hitohizan'ny fandalinam-pinoana ?

b) Fankalazana ny Eokaristia

Zava-kendrena : Fandraisana anjara amin'ny Sorona Masina – fanovozana aim-panahy

Zavatra natao : Voatazona ny alahady faharoa, nandray anjara litorjia ny Sampana tsirairay. Manamafy ny hira mandritra ny lamesa ny antokom-pihira, niezaka ny mpitendry zava-maneno. Nitohy ny fampiasana powerpoint.

Zavatra tsapa : Nazoto ny olona tonga nivavaka, navitrika ireo sampana tamin'ny fandraisana anjara litorjia. Nanampy amin'ny vavaka ny fisian'ny antokom-pihira manamafy ny hiran'ny lamesa. Tsara ny hira misy mpitendry. Nanampy ny fanarahana ny tononkira ny fisian'ny « powerpoint ».

Fanatsarana iandrasana soson-kevitra :

c) Fandraisana anjara litorjia ivelan'ny FKMR

Tanjona : Fijoroana vavolombelona sy fisokafana amin'ny any ivelany

Zavatra natao : Nandray anjara litorjia tao amin'ny Paroasy misy ny FKMR, tany amin'ny paroasy nanasa sy novangiana na teo anivon'ireo Fiangonana rahavavy tamin'ny alàlan'ny hira, hetsika litorjika, vakiteny na koa fanatrehana tsotra.

Zavatra tsapa : Nahafinaritra ny fifampizarana sy fisokafana amin'ny hafa saingy misy fotoana tena vitsy hatrany ny mpandray anjara amin'ny ankapobeny ka heverinay fa tokony hojerena.

Fanatsarana akàna hevitra :

## LAFINY SOSIALY

## Tanjona : Fanajana ny soatoavina maha-malagasy sy maha-kristianina

a) Fiaraha-misakafo aorian'ny lamesa alahady faharoa

Zavatra natao : Nentanina ny olona samy hitondra sakafo ifampizarana

Tsapa : Nandray anjara ary samy nitondra sakafo ifampizarana ny olona rehetra tamin'ny ankapobeny. Efa tsy dia nisy intsony ny nitazona ny sakafony samirery fa nanambatra azy teny amin'ny latabatra iombonana. Nisy ny fifampitsinjovana ary fanisana sakafo ho an'ireo voatery mikenonenkona samihafa famaranana ny fankalazana ny Eokaristia ao @ chapelle (musiciens, mpanisa rakitra, mpampianatra katesizy etc.).

Fanatsarana akàna hevitra :

b) Fiarahabana Fahasoavana (Sakramenta sy fahafaham-panadinana)

Zavatra natao : Misy ny fanomezana nomena ireo nahazo fahasoavana ka nampilaza ny FKMR.

Vokany : Tsapa fa nisy fiombonana. Faly ny nahazo fahasoavana ary ravo koa ny krisitanina nizarana hafaliana

Fanatsarana akana hevitra :

d) Famangiana marary sy mana-manjo

Zavatra natao : Novangiana ireo tsy salama sy nampilaza ary koa ireo nana-manjo nampahafantatra. Nisy ny valopy nomanina FKMR sy ny tsipaipaika araka ny zava-misy. Nisy

ny fampilazana tsipaipaika tsy an-tery ary ny fanangonana izany ery aoriana alohan'ny lamesa. Tsy misy ny fetra napetraka fa an-kalalahana.

Vokany : Nandray anjara ny olona araka ny fahafahan'ny tsirairay ary hita fa nampisy fiombonana.Toa tsapa misy fanaheon-kevitra hafa ihany anefa momba an'io indrindra momba ny tsipaipaika.

20 euros no atolo-tsika raha @ izao fotoana amin'izao ka **akarina sa ajanona amin'io** ? **Raha akarina, atao ohatrinona** ?

Fanatsarana akana hevitra :

e) Famangiana Ray aman-dReny amin'ny tonon-taona

**Zavatra natao** : Natao adidy ny mamangy ny Ray amandReny eto amin'ny diosezy (anentanana ny birao sy EAP) ary koa ny fanolorana solom-bodiakoho (rakitra faharoa sy valopy avy amin'ny kristianina terem-panahy) ho an'ny Mompera aumonier ary fanomezana (FKMR) ho an'ny Filoha napetraka manodidina ny 50 euros eo ho eo amin'izao fotoana izao.

**Tsapa :** Nisy ireo Kristianina nitady valopy maika hasiana solom-bodiakoho ho an'i Mompera tamin'io alahady fifampiarahabana io. Misy hevitra niposaka ihany hoe asiana valopy mipetraka eny aoriana alohan'ny lamesa ka afaka maka ireo izay mila izany. Ahoana ny hevi-tsika ny amin'izay ?

**Vokany** : Voahaja ny soatoavina maha-malagasy, faly ny tolorana sy ny mpanome. Hita hatrany ny fanajàna ny Ray aman-dReny izay adidin'ny zanaka.

Fanatsarana akàna hevitra :

## LAFINY ARA-BOLA

**Zava-kendrena** : Entina hampandehanana ny aumônerie

- Hofan-trano
- Droit d'étole

  NB : *Manomboka amin'ity taoana ity dia omena « droit d'étole » daholo ireo Pretra miara-manolotra ny Sorona Masina raha mampilaza mialoha ny fahatongavany.*
- Handoavana ny fandaniana amin'ny lafiny Sosialy rehetra

Ezaka natao :

- Rakitra roa
- Fitadiavam-bola tsy maharitra (sakafo nokarakarain'ny filoha teo aloha)

Ezaka fanatsarana  akàna hevitra :

- fandraisana anjaran'ny Sampana tsirairay hitondra ny anjara birikiny @ fampandehanana ny FKMR izay zavatra voalohany tokony ataony.
- …

Fanamarihana :

1. Mba hanampy antsika hanomana mialoha ireo teboka resahina amin'ny AG dia entanina isika mba hamaky ity tatitra ity.
2. Hitantsika miloko menamena ireo fakàna hevitra avy amin'ny tsirairya ho enti-manatsara ny lafiny rehetra ato amin'ny Fiangonanatsika ka afaka mijery izany sahady isika.
3. Dia misaotra namaky sy mitondra ny anjara birikinao amin'ny fampandrosoana ny fanjakan'Andriamanitra.